



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

Didim-panjakana laharana faha 2021-1462

**Manambara fa ny alakamisy 23 desambra 2021 dia andro fisaonam-pirenena eto
amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ho fahatsiarovana ireo mpiray
tanindrazana namoy ny ainy nandeha tamin'ilay sambo « Francia » rendrika tao
Soanierana Ivongo**

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA

- Araka ny Lalàmpanorenana

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PANJAKANA MANARAKA IZAO :

Andininy voalohany- Ambara fa andro fisaonam-pirenena ny alakamisy 23 desambra 2021 eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara ho fahatsiarovana ireo mpiray tanindrazana namoy ny ainy nandeha tamin'ilay sambo « Francia » rendrika tao Soanierana Ivongo

Andininy faharoa – Mandritra io andro io dia misaona ny sainam-pirenena

Andininy fahatelo – Noho ny hamehana ary ho fampiharana ny voalazan'ny andininy faha 4 sy andininy faha 6 andalana faha 2 amin'ny didy hitsivolana laharana 62-041 tamin'ny 19 septambra 1962, ity didim-panjakana ity dia manan-kery avy hatrany raha vantany vao mivoaka amin'ny onjampeo sy/na ny fahitalavitra, ary izany dia tsy miankina amin'ny famoahana azy amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika*.

Natao teto Antananarivo ny 21 desambra 2021

Ny Filohan'ny Repoblika

Andry RAJOELINA